ZAVOKA

Karazany

- **Mexican:**
  - Gottefried: mahatanty hatsiaka, be menaka, lavalava ny voa ary milanja 200-400g, malama sy mangirana, mety amin'ny toerana avo.
- **Guatelmalteque mexican:**
  - Bacon: voa boribory lavalava, milanja 200-400g ary maintso mangirana.
- **Guatemalteque antillais:**
  - Booth: boribory ny voa ary milanja 300 – 400g, maintso mangirana ny lokony.
  - Hickson: mitovy amin'ny booth, saingy matevina kokoa ny hodiny nefa mora mitsiatra.
  - Choquette: boribory ny voa 500-1000g, maintso antitra somary malama ny hodiny ary manify.
  - Hall: mitovy amin'ny choquette, saingy maivana kokoa.

1./ FEPETRA ANKAPOBEANY

1.1./ Toe-tany

- Tany lali-nofo sy fasiana ary mitsi-drano tsara.
- Tany volikano no tsara indrindra.
- Ny loharano dia tsy tokony ho any amin'ny 2m ambanin'ny tany
- Baiboho.

1.2./ Toetr'andro

- Arakaraka ny karazany ny zavatra takiana
- Sokajy guatemaltequemexican dia mila hafanana sy rano betsaka.
- Ny ao amin'ny sokajy mexicain dia mahatanty hatsiaka
- Ny sokajy guatemalteque, antillais dia mitaky hafanana be nefa kely ny rano ilainy.
- Ny maripana antoniny tsara dia 15-25°C.
- Ny rotsak'orana ilainy dia 1200m ka voatsinjara tsara mandritran'ny taona.

2./ FAMBOLENA:

2.1./ Fikarakarana ny tany:

- Fandavahana sy ny fanotofana : jereo famaritanana ankapobeany, 1mx1mx1m.
- Taharo mira lanja no ampiasaina: zezika masaka tsara , fasika ary terreau(tany mainty) rehefa manototra.
- Elanelana:10X10m na7X7m

2.2./ Fikojakojana

- Fiavana idroa isan-taona manodidina isam-pototra
- Fandrakofana bozaka raha maina loatra ny andro
- Fitondrana zezi-pahitra isaky ny fototra

2.3./ Fandratsanana:

- Hetezana ny tendrony rehefa mahatratra 80sm ny haavony mba hahazoana taho fototra 3 – 4.
- Hitondrana zezi-pahitra isaky ny 2 taona.

3./ FIOTAZANA:

- Vokatra voalohany: 3-4 taona aorian'ny nambolena azy
- Faharetanay: 50 taona
- Fotoana fiotazana: Avril-Mars
- Otazana rehefa tomombana tsara ny fitombony ary asiana somby tangozana kely

4./ FITEHIRIZANA:

- Andro vitsivitsy aorian'ny fiotazana vao masaka ny voa.

5./ Aretina sy fiarovana

Aretina	Fisehony	Fiarovana sy fitsaboana
Anthracnose(kimanja)	Misy tasy fotsifotsy eo amin'ny ravina , sampana sy ny voa Mangidy ny voankazo ary lo	Angonina ary dorana ny voa marary Fanafody olatra
Fumagine (areti-molaly)	Rakotra molaly mainty ny ravina vokatry ny famohanan'ny varangabintsika na pondy na ramerina ranoka manintona ny vitsika	Vonoina ireo bibikely mitondra aretina Fanafody olatra
Cercosporose	Mitresaka sy misy tsiranoka amin'	Angonina ary dorana ny voa marary Fanafody olatra